
## Fidirana ao anaty tambazotra MIHARI




**Raha te hifandray aminay ianareo :**

**Mpandrindra Nasionaly :** *Vatosoa Rakotondrazafy - 034 20 340 23 - vatosoa@mihari-network.org*
**Mpandrindra rejionaly Atsimo :** *Tovo Andriatsiory - 034 20 340 22 - tovo@mihari-network.org*
**Tranokalam-pifandraisana :** *www.mihari-network.org*



# VAOVAO MIHARI ATSIMO

## NOTANTERAHINA NY 08 HATRAMIN' NY 11 AOGOSITRA TANY ANAKAO NY FIVORIANA REJIONALY MIHARI ATSIMO






Reserva horita tsy maharitra eto atsimo andrefana P.2




Nanao fitsidihina tany Tampolove ny LMMA Soariake P.2

## VATSY

*“Ranomasina madio, tontolo madio, antoky ny fahasalamantsika olombelona sy ireo biby miaina ao aminy.”*

*SOA ALAIN-TAHAKA* P.3
*VAOVAO NASIONALY SY IRAISAM-PIRENENA* P.3
*MBA FANTATRAO VE ?* P.3
*KOMIKY* P.4

### IREO TOERANA AHITANTSIKA NY LMMA ETO MADAGASIKARA




N°001 - Taona 2016

MIHARI
Mitantana HArena andRanomasina avy eny Ifotony- Tambazotra Madagasikara

# SONGADINA

## NOTANTERAHINA NY 08 HATRAMIN' NY 11 AOGOSITRA TANY ANAKAO NY FIVORIANA REJIONALY MIHARI ATSIMO



Asam-baomiera

Notanterahina tao Anakao ny valo ka hatramin"ny faha iraika ambin'ny folo aogositra lasa Miisa ny olona izay nanome voninahitra ity fivo_riam-paritra, ireo manampahefana isan-tsokajiny avy amin'ny faritra Atsimo Andrefana sy Anôsy, ireo mpiaramiombon'antoka, ireo vahiny nasaina fa indrindra ireo solontenan'ny vondron'olona avy eny ifotony avy amin'ireo faritra roa voalaza teo.
Tanjon'ity fivoriana rejionaly ity ny fifanakalozana traikefa eo amin'ny solontenan'ny LMMA (Fari-dranomasina tantanan'ny fokonolona ifotony) ka ilazan'izy ireo ny asa, ny tombony ary ireo olana izay atrehany eo amin'ny lafiny fitantanana ny harena an-dranomasina. Eo ihany koa ny fampifandraisana mivantana ny vondron'olona mpitantana ny harena an-dranomasina amin'ireo manam-pahefana isan-tsokajiny ary fandrafetana ny paikady ho an'i MIHARI atsimo mandritra ny roa taona.
Feno dia feno ny fandaharam-potoana nandritra ny efatra andro,ary avitrika ireo mpizaika rehetra tamin'ny fandraisan'anajara

### Fantaro ny momba tambazotra MIHARI

Ny tambazotra MIHARI izay niforona tamin'ny taona 2012 , dia fitambaran'ireo vondron'olona eny ifotony miaro sy mitantana ny harena an-dranomasina (195) miaraka amin'ireo mpiara-miombon'antoka manohana azy ireo (19) sy ireo mpitondra fanjakana.
Mitsinjara efatra ara-jeografia ny faritra ahitantsika ny tambazotra MIHARI (Atsimo : atsimo andrefana sy Anôsy ; Avaratra andrefana : Boeny, diana sy sofia ; Avaratra atsinanana : Analanjirofo ary afovoany andrefana : Menabe sy Melaky).
Ny fanamafisana ny serasera sy ny fifanakalozana, ny famahana ny olan'ny LMMA, ny fanamafisana traikefa no isan'ny tanjon'ny tambazotra MIHARI.

### Reserva horita tsy maharitra eto atsimo andrefana



Fihaonana teo amin'ireo mpisehatra voakasika

Nivory ny 03 Jona lasa teo ireo mpisehatra mivondrona ao anatin'ny kômity mpitantana ny horita na (CGP) tany amin'ny biraon'ny sampandraharahan'ny harena anaty rano sy ny jono. Ny tanjon'ny fivoriana dia ny ho fanatsaràna hatrany ny vokatra horita izay manomboka mihena. Tapakevitra ny rehetra fa hanao reserva horita ho an'ity taona ity toy ny fanao isan-taona ary koa niara-nanapaka fa nikatona nanomboka ny 11 Jona lasa teo ary nandritra ny roa volana ny reserva horita. ; ka nosokafana tamin'ny 17 aogositra lasa teo ary tanàna fito ambinifolo no nanatanteraka izany ato amin'ny faritra atsimo andrefana.

### Nanao fitsidihina tany Tampolove ny LMMA Soariake



Fitsidihana toerana fambolena lomotra tao Tampolove

Ny andron'ny 01 hatramin'ny 04 Septambra lasa teo no nanao fitsidihana sy fifanakalozan-traik'efa niaraka tamin'ny mpiaramiombon'antoka tekinika WCS ny LMMA Soariake (olona enina ambin'ny folo) tany tampolove. Ny LMMA Velondriake izay tarihin'Atoa Richard tena no nandray azy reo tamiin'izany.
Isany anton'ny fitsidihana ny fifanakalozan-traik'efa momba ny fambolena lomotra sy fiompiana janga satria miheritreritra ny hampiroborobo izany vandin'asa izany ireo mpitsidika raha vao tahafaverina any amin'ny toerana misy azy ireo.



## TAREHIMARIKA

**26 JOLAY :**

Fankalazana ny andro iraisam-pirenena ho an'ny Ala honko tany Belo sur mer (Namboly hazo ny participants forum tany)

**08-11 AOGOSITRA :**

Fihaonambe rejionaly atsimo andrefana sy anôsy tany Anakao

**29 SEPTAMBRA - 02 OKTOBRA :**

Fankalazàna nasionaly ny jono sy ny fiompiana anaty rano

# SOA ALAIN-TAHAKA

### Ny hevitri'I Reveine mpamboly lomotra mikasika ny ireo tombotsoa azony



Tokantranon'i Reveine

I Reveine dia mpanjono ao Beheloke izay 36 taona eo ho eo. Ankoatry ny asa fanjonoana dia manana fidiram-bola hafa koa i Reveine. Tsy inona izany fa ny fambolena lomotra mba hanatevenana ny fidiram-bola ao an-tokantaranony. Andao ary ho henointsika ny fitantaran'i Reveine momba ny fahitany ny fambolena lomotra sy ireo tombotsoa azony.

"Izaho dia mpamboly lomotra nanomboka ny taona 2012. Mamokatra lomotra 100 kg maina eo ho eo isam-bolana aho izay azahaoako eo ho eo amin'ny 50 000 Ar. Hitako fa tena misy tombony ho ahy ny fambolena lomotra satria nahafahako nanampy ny fidiram-bola ato anaty tokontranoko ary koa rehefa tsy afaka miandriaka iny dia mba misy vadin'asa atao"ny tsy fahampian'ny vidina lomotra vokarinay no hitako fa lesoka izay somary ambany".

Hitan'i Reveine fa tena mety aminy tokoa ity vadin'asa ity satria nahafahany nividy fanaka an-tokantrano toy ny : Table tele, lakana sy fitaovana hafa izay hitanay nadritra ny fitsidihana.

## VAOVAO NASIONALY SY IRAISAM-PIRENENA

### Famolavolàna lalàna mahakasika ny jono sy ny fikajiana ireo harena an-dranomasina

Amin'izao fotoana iresahantsika izao dia maro ireo volavolan-dalàna izay andalam-panovàna na andalam-panovana izay karakarain'ny ministera misahana izany sy ireo mpisehatra rehetra eo amin'ny tontolo iainana an-dranomasina. Ao anatin'izany ny lalàna mahakasika ny fandrindràna ny asam-panjonoana ao anatin'ny sisi-dranomasin'i Madagasikara sy ny ao amin'ny rano masirasira ; ny momba ny fandrindràna ny asa fiarovana sy fitantanana ny harena an-dranomasina ary ny momba ny jono sy ny fiompiana anaty rano. An-dalana ihany koa ny famolavolana volavolan-dalàna momba ny fari-dranomasina tantanana avy eny ifotony mba hanomezan-danja ireo vondron'olona eny ifotony ka hampahafantarina antsika eo ihany ny tohiny.

## MBA FANTATRAO VE ?



Trozona na Baleine

Isan-taona dia mandalo ny sisin-dranomasin'i Madagasika ireo Trozona na baleine à bosse avy any amin'ny Antarctique. Mihoatry ny enina arivo kilaometatra ny halavirandalana alehany mandritra ny taona iray ary mahavita eo ho amin'ny eninjato sy arivo kilaometatra isam-bolana.

Amin'izao dia miteraka fidiram-bola ho an'ny mpanjono sy ny fokon'olona ary ireo pisehatra amin'ny fizahan-tany io fandalovany noho ireo fihetsika mahaliana izay asehon'izy ireo. Afaka ijerentsika izany ny any Taolagnaro ka hatrany Sainte-Marie Mandritra ny volana May hatramin'ny volana Octobra.